



Dingana 5: ATRIKASA MOMBANY FAMETRAHANA IVON-TOERANA MENDRIKA

Firenena : MADAGASIKARA

Mpampiofana : RAZANAMALALA Claudine/ RABE Victorienne

Kaominina : ANDABOTOKA

Daty nihaonana: 23, 24, 25 Jiona 2015



Madame Claudine, mpampiofana

Teny fanolorana:

Ny 23, 24, 25 Jun 2015 dia natao teto Andabotoka tao amin'ny efitranon'ny EPP ny tohin'ny dingana ho fametrahana ny ivo-toerana mendrika eo anivon'ny kaomina izay hiarahana amin'ny Gender Links.

Natomboka tamin'ny fandraisam-pitenenan'ny mpampiofana ary nifaranan'ny ben'ny tanàna tamin'ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny atrikasa izay mikasika indrindra ny fanaovana drafitrasa. Drafitrasa izay ho tanterahin'ny kaomina manokana ho fampiharana ny miralenta.

Rehefa vita ny teny fanolorana dia natomboka tamin'ny famerenana ny lohahevitra dingana faha-4 sy fampatsiahivana ireo dingana rehetra efa vita. Nifandimby nandray fitenenana ireo mpiofana nanazava sy namerina ny momba **ny hevitra fototra iompanan'ny miralenta** nahitana ny hevitra raiki-tapisaka, ireo toetra voajanahary mampiavaka ny lahy sy ny vavy, **ny miralenta sy ny fitondram-panjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana, ny miralenta sy fandravonana ady sy disadisa**, inona avy ireo fomba entina andravonana ady sy disadisa, inona no andraikitra entin'ny kaomina.

Avy eo dia niditra tamin'ny **foto-kevitra sy pôlitika hahatongavana amin'ny miralenta**, inona avy ireo paikady hoentina hahatongavana amin'ny miralenta izay nahitana ny filana fototra andavanandro na besoins pratiques sy ny filana maharitra mila paikady na ny hoe besoins strategiques. Niditra tamin'ny **miralenta sy ny fiharian-karena**. Nisongadina tamin'izany ireo asa maro sahanin'ny vehivavy ao amin'ny fiaraha-monina nefa tsy andraisa-karama. **Ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony**, hita nandritra ny fanehoan-kevitra hoe inona avy ny fampandrosoana azon'ny vehivavy entina, ary inona koa anefa ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy afaka andary anjara na hitondra fampandrosoana, ary inona no tokony ataon'ny kaomina hanampiana ny vehivavy efa mitondra ny anjara birikiny. Ary farany dia niditra tamin'ny **fampandrosoana maharitra sy ny fiovaovan'ny toetrandro**, hita tamin'izany ireo antony mahatonga ny fiovan'ny toetr'andro, inona avy ireo vokadratsy entiny indrindra ireo mahakasika ny miralenta, nivohitra tamin'izany ny hoe mosary, tsy fahasalamana sy ny valan'aretina, ny tsy fahampian'ny renirano sy tany hambolena ary farany dia mitsoaka andaharana ireo mpianatra mba hanampy amin'ny fidirambolan'ny fianakaviana.

Rehefa vita tanteraka ny tamberina ny lohahevitra faha-4 dia niditra tamin'ny votoatiny dia ny dingana faha-5 izay fandrafetana ny drafitr'asa eo anivon'ny kaomina mikasika ny **"miralenta sy ady amin'ny herisetra"**

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA MIHATRA AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- **Iza** – sampan-draharaha iza/inona no tompo'andraikitra ny asa na hetsika?
- **Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanontaniana
- **Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra**– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany, valio ireo fanontaniana
- **Oviana** – Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany
- **Teti bola** – Hoatrinona ny teti-bola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA								
Fampitomboana ny fahafantaran'ny kaominina ny momba ireo fanekena izay efa nataon'ny firenena eo amin'ny sehatra nasionaly, eo anivo'ny faritra faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Protocle n'ny SADC momba ny Miralenta sy Fampandrosoana.	<i>Mbola tsy mahalala ny fisian'ny protocole de SADC ny vahoakan'ny Andabotoka akoatra ireo mpiofana sy ireo izay nandray anjara tamin'ny dingana faha telo</i>	Fampahafantarana ny vahoaka momba ireo lalàna sy Fifanekena efa misy, ny mahazava-dehibe ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny mahaolom-pirenena feno azy	60% ny vahoakan'ny Andabotoka no voaentana sy mahafantatra ny fisian'ny protocole'n'i SADC	Asa fanentanana ho fampahafantarana ny fisian'io fifanarahana io	Voentana ny sy mahafantatra ny protocole'n'i SADC ny vahoakan'ny Andabotoka	Ireo mpiofana rehetra sy ireo mpandray anjara tamin'ny stage 3	Volana Juillet-Septembre	
Fahazoana antoka fa misy pôlitika na drafitrassa momba ny miralenta eo anivon'ny kaominina ary ampiaharina izany.	<i>Mbola tsy manana drafitrassa momba ny miralenta ny kaominina</i>	Fahazoana antoka fa misy ny lalàna mipetraka entina hampiroboroana ny fampandraisana anjara ny vehivavy	Manana drafitr'asa momba ny miralenta ny kaominina	Fandrafetana drafitr'asa momba ny miralenta eo anivon'ny kaomina	Fananan'ny kaomina drafitr'asa momba ny miralenta	Ny mpiofana rehetra sy ny mpiasan'ny kaominina	Juillet-Septembre	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
Ny Pôlitika mifototra amin' ny miralenta dia atao laharam-pahamehana eo anivon'ny kaominina ary misy olona singanina ho loha laharana amin'izany.	Tsy mbola misy olona natokana ho loha laharana amin'ny fampiharana ny pôlitika mifototra amin'ny miralenta		Misy olona mpitarika loha laharana amin'ny fampiharana ny pôlitika mifototra amin'ny miralenta	Fifidianana olona natao ho loha laharana amin'ny fampiharana ny pôlitika mifototra amin'ny miralenta	Vofidy ilay olona tokony ho tompon'and raikitra ho fampiharan a ny pôlitika mifototra amin'ny miralenta	Ny mpiofana, ny ben'ny tanana sy ny mpiara miasa aminy	Juiellet-Septembre	
I.FITANTANANA								
Fiheverana								
Fampitombona ny isan'ny vehivavy mpanolo-tsaina amin'ny fifidianana manaraka mba hanatrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry 50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015.	<i>0% ny mpanolo-tsaina vehivavy eo amin'ny kaominina</i>	50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015	Misy vehivavy mpanolotsaina eo anivon'ny kaominina (10% n'ny mpanolotsaina)	Fanentanana ny vehivavy mba hazoto hilatsaka hofidina sy sahy hirotsaka	Voantana ny vehivavy ary sahy hirotsaka	Ny ben'ny Tanana vaovao sy ny mpiaramiasa aminy ary ireo mpiofana rehetra	Juillet-Septembre	
Fahazoana antoka fa voasolotena mitovy amin'ny lehilahy ny vehivavy ao amin'ireo sehatra-pitarohana ao amin'ny kaominina	<i>2 ny mpiasa vehivavy eo anivon'ny kaominina (2/16) ary tsy misy eo amin'ny sehatra-pitantanana</i>	Pôlitika, paikady, ary fandaharanasa entina hampiofanana ny vehivavy mba hahafahan'izy ireo mandray anjara sy manana traikafa momba ny fahaizamitarika	25% ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina no eo amin'ny sehatra-pitantanana	Fandraisana mpiasa vehivavy ao amin'ny kaominina	Misy vehivavy tafidra mpiasan'ny kaominina	Maire sy ny mpanolotsaina, ny mpiofana	1 volana aorian'ny valim-pifidianana ben'ny tanana	
Fampahafantarana ny vahoaka momba ny maha-zava-dehibe ny fampandraisana anjara mitovy ny lahy sy ny vavy amin'ny	<i>Tsy mbola nisy hetsika entina hampiroboroboana ny</i>	Fampahafantarana ny vahoaka fa zava-dehibe ny fandraisan'ny vehivavy	Mahafantatra ny maha-zava-dehibe ny	Fanaovana hetsika ho entina hampiroborob	Fahalalan'ny vahoaka ny mahazava-dehibe fa	Ny mpiofana rehetra	Juillet-Septembre	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
seha-pitantanana	<i>fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny kaominina</i>	anjara amin'ny seha-pitantanana, mariky fitandroana ny demôkraisana sy ny fitondrana tsara tantana izany.	fampandraisana anjara ny vehivavy ny vahoaka eo amin'ny kaominina	oana sy fampahafantarana ny maha zava-dehibe ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny kaominina	mitovy ny fandraisana anjaran'ny lehilahy sy ny vehivavy			
Fandraisana anjara								
Ny vehivavy dia manana tolo-kevitra sy filàna hafa ankoatry ny an'ny lehilahy. Iaina noho izany ny fampiroboroboana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy mandritra ny fivoriana rehetra eo amin'ny kaominina	<i>Tsy misy fivondronan'ny vehivavy eo amin'ny kaominina satria tsy misy vehivavy eo amin'ny seha-pitantanana eo amin'ny kaominina fa misy kosa fikambanam-behivavy ao amin'ny kaominina</i>	Pôlitika, paikady ary fandaharanasa hametrahana na hanamafisana ny rafitra hampiroboroboana ny Miralenta	Mitombo is any vehivavy mitazona seha-pitantanana eo amin'ny kaominina	Famporisihana ny vehivavy ho sahy handray anjara sy hilatsaka hofidina mba ho isan'ny mpiasan'ny kaominina	Voantana sy hazoto ny vehivavy hilatsaka hofidina sady hikambana sy hitazona seha-pitantanana eo amin'ny kaominina	Ny mpiasan'ny kaominina rehetra sy ireo mpiofana	Septembre -Octobre	
	<i>Misy ny fifandraisana aminà tambazotra na fikambanana hafa</i>							
Fanofanana ny vehivavy eo anivon'ny kaominina mba afahan'izireo mijery ny laharam-pahamehana ho an'ny vehivavy	<i>Mbola tsy nisy fikarohana natao momba ny fahaiza-manaon'ny vehivavy fa efa nisy kosa ny</i>	Pôlitika, paikady ary fandaharanasa entina hampiofanana ny vehivavy momba ny fahaiza-mitarika	Manana traikefa sy paikady momba ny fahaiza-mitantana ny	Fitadiavana fiofanana ho an'ny vehivavy mba hananan'ny traikefa	Fahazahoan'ny vehivavy fiofanana manokana momba ny fahaiza-	Ny mpiofana sy ny mpiasan'ny kaominina	Taona iray	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
	<i>fampiofanana ny vehivavy momba ny fambolem-bary, tsako, vary maro anaka satria ny fambolena no tena foto-piveloman'ny olona ao amin'ny kaominina. Tsy mbola nisy kosa ny fiofanana momba ny fahaiza-mitarika</i>		vehivavy sasany amin'ny kaominina	momba ny fahaiza-mitarika	mitarika			
Fanofanana ny lehilahy eo anivon'ny kaominina momba ny miralenta ary fanentanana azy ireo mba hanohana ireo hetsika atao entina hampiroboroboana ny Miralenta	<i>Mbola tsy nisy fiofanana nataon'ny lehilahy manokana momba ny miralenta fInona avy ireo fiofanana miaraka amin'ny vehivavy. Ny fiofanana niarahana amin'ny Gender Links no fofanana voalohany natao teto amin'ny kaominina momba ny miralenta</i>	Fampandraisana anjara ny lehilahy mandritra ireo hetsika rehetra momba ny Miralenta, isan'izany ny fanofanana	Mahazo fiofanana momba ny miralenta ny lehilahy eo amin'ny kaominina ary manohana ny hetsika rehetra momba ny miralenta izy ireo	Fampiofanana manokana hoan'ny lehilahy momba ny miralenta izay angatahina amin'ny Gender Links	Fahazahoan'ny lehilahy fiofanana manokana momba ny miralenta	Ny mpiofana rehetra sy ny ben'ny Tanana ary ny mpiaramiasa aminy	Aorian'ny fifidianana ben'ny tanana	
	<i>Nisy fifampiresahana natao tamin'ireo mpanolo-tsaina lehilahy</i>							

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
Fandraisana anjaran'ny vahoaka								
Fahazoana antoka fa ny vehivavy sy ny lehilahy dia mandray anjara mitovy eo amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony.	<i>0% isan-jaton'ny sefo Fokontany no vehivavy (tsy misy vehivavy sefo, fokontany na iray aza eo amin'ny kaominina= 0/12)</i>	50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015	5/12 ny sefo fokontany no vehivavy	Fanentanana ny vehivavy ho sahy handray anjara sy hirotsaka hofidina sefo fokontany. Fandresendahatra ny vahoaka mba hialana amin'ny fomba fisainana raikitapisaka	Hisy vehivavy hirotsaka hofidina ho sefo fokontany	Ireo nahazo fiofanana rehetra tsy misy fanavahana	Juillet- Octobre	
	<i>Tsy misy marika entina hanavahana ny lahy sy ny vavy ny fanamarinampahatongavana mandritra ny fivoriana atao eo amin'ny kaominina</i>	Mandray anjara mitovy ny lahy sy ny vavy eo amin'ny rafipitantanana rehetra	Misy marika entina hanavahana ny lahy sy ny vavy ao amin'ny fanamarinampahatongavana	Fanovana ny fomba famenoana ny fanamarinampahatongavana mba hiavaka ny lahy sy ny vavy rehefa misy fivorina	Fisian'ny marika entina hanavahana ny lahy sy ny vavy ao amin'ny fanamarinampahatongavana	Ny mpiofana rehetra, ny ben'ny tanàna sy ny mpiaramiasa aminy	Juillet- Octobre	
	<i>Tsy mbola nisy atrikasa natokana ho an'ny lehilahy</i>	Fampandraisana anjara ny lehilahy mandritra ireo hetsika sy fanofanana rehetra momba ny Miralenta	Mahazo fiofanana momba ny miralenta ny lehilahy	Fitadiavana atrikasa momba ny miralenta ho an'ny lehilahy	Fahazahoan'ny lehilahy fiofanana manokana momba ny miralenta	Ny mpiofana rehetra	Juillet- Octobre	
II. LAMIN'ASA								
Fahazoana antoka fa nangalana	<i>Mbola tsy ahitana</i>		Misy ny	Fametrahana	Tafapetraka	Ny	3 volana	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
ny hevitra ny vehivavy ny lamin'asan'ny kaominina ary ampiharina izany lamin'asa izany	<i>taratra ny fampiroboroana ny Miralenta ny lamin'asan'ny kamoinina</i>		lamin'asa momba ny miralenta eo anivon'ny kaominina	lamin'asa momba ny miralenta	ny lamin'asa momba ny miralenta eo anivon'ny kaominina	mpiasan'ny kaominina sy ny mpiaramiasa, ny mpiofana	manombo ka ny volana Septembre	
Fahazoana antoka fa nalaina ny hevitr'ireo vehivavy mandritra ny fandrafetana ny lamin'asa rehetra eo amin'ny kaominina	<i>Tsy mbola misy komitin'ny miralenta eo amin'ny kaominina</i>	Fampandraisana anjara mitovy ny lehilahy sy ny vavy mandritra ny fandrafetana ny lamin'asan'ny kaominina sy ny fanatanterahana izany.	Mitsangana ny komitin'ny miralenta eo anivon'ny kaominina ary mandray anjara mitovy ny lehilahy sy ny vehivavy	Fametrahana ny komitin'ny miralenta eo anivon'ny kaominina	Fitsanganan'ny komitin'ny miralenta eo anivon'ny kaominina	Ny mpiasan'ny kaominina sy ny mpiaramiasa, ny mpiofana		

NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY

Fampandrosoana ara-toe-karena ifotony – Toe-karena sy famoronana asa

Fanamorana ny fahazoana asa na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy	<i>Fantatra ny isan'ny vehivavy nahazo asa avy amin'ny kaominina (Ohatra: HIMO), 60V/40L</i>	Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny asa.	Mitombo isa ny lehilahy mandray anjara amin'ny asa ataon'ny kaominina	Famporisihina ny lehilahy mba hisoratra anarana amin'ny asa ataon'ny kaominina (Oh: HIMO) satria dia nyvehivavy no tena misoratra anarana	Fahazotoan'ny lehilahy mandray anjara amin'ny asa avy amin'ny kaominina	Ny mpiasan'ny kaominina sy ny mpiofana rehatra, ny sefo fokontany, lehiben'ny fikambanana	2015-2016	
Fampidirana ny Miralenta eo anivon'ny sehatra tsy manara-penitra	<i>Misy fitsinjovana manokana ny vehivavy eo amin'ny sehatra</i>	Varotra sy sehatra tsy manara-penitra: fandrafetana pôlitika, na famolavolana lalàna	Hita taratra eo amin'ny sehatra rehetra ny	Fanamfisana ny tsara efa misy	Fandrafetana pôlitika, famolavolana lalàna	Ny mpiasan'ny kaominina	2015-2016	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
	<i>tsy manara-penitra</i>	mba hitovian'ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fandraharahana, fitsinjovana manokana ny vehivavy amin'ny sehatra tsy manara-penitra	miralenta		mba hitovian'ny taham-pahombiaza n'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fandraharahana,	sy ny mpiofana rehatra, ny sefo fokontany, lehiben'ny fikambana na		
Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fahazoana famatsiam-bola	<i>Tsy manana paikady manokana entina hanatsarana ny toe-karena ifotony ny kaominina. Tsy hita taratra amin'izany ny Miralenta satria mitznila amin'ny vehivavy ny famatsiambola (oh: nampanao fiofanana ho an'ny vehivavy fotsiny tao amin'ny kaominina ny CECAM)</i>	Fametrahana pôlitika sy paikady entina hanamorana ny fahazoana famatsiam-bola na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy	Mitovy ny taham-pahombiazan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fahazoana famatsiam-bola, tafiditra amin'ny PCD ny miralenta	Fametrahana paik'ady entina hanamorana ny fahazoana famatsiam-bola na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy	Fananan'ny kaominina paik'ady entina hanamorana ny fahazoana famatsiam-bola na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy	Ny mpiasan'ny kaominina sy ny mpiofana rehatra, ny sefo fokontany, lehiben'ny fikambana na	2015-2016	
Fampitoviana ny fahazoana mampiasa ny teknôlôjia vaovao ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy entina hanatsarana ny fifandrasaina eo amin'ny fandraharahana	<i>Tsy manana paikady manokana ny kaominina momba ny fampidirana ny teknôlôjia vaovao</i>	Fahazoana antoka fa samy mahazo tombotsoa amin'ny teknôlôjia vaovao na ny lahy na ny vavy.	Mampiasa ny tenôlôjia vaovao na ny lahy na ny vavy Manana	Fampidirana ny miralenta entina hanatsarana ny fifandrasaina	Fampiasana ny tenôlôjia vaovao Fananana paik'ady	Ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina	Fin 2016	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
	<i>fa tsy hita taratra amin'izany ny Miralenta Tsy misy herin'aratra ao amin'ny kaominina 20% ny mponina no mampiasa plaque solaire</i>		paik'ady entina hampidirana ny tenôlôjia vaovao	eo amin'ny fandraharahan a Famolavolana paik'ady entina hampidirana ny tenôlôjia vaovao	entina hampidirana ny tenôlôjia vaovao			
Asa fandraharahana								
Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fahazoana tolo-bidy	<i>Tsy mbola nisy asa azon'ny mpandrara ha vehivavy tao amin'ny kaominina ary tsy mbola nisy lamin'asa napetraka hampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy</i>	Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy amin'ny fahazoana tolo-bidy avoakan'ny fanjakana na ny sehatra tsy miankina.	Misy vehivavy mpandrahara ha ara-dalana sady mahazo asa, ara-dalana avokoa ny taratasy rehetra	Fanentanana ny vehivavy mba hametraka taratasy fahazahoana asa ary mba hiditra ho mpandraharaha, mba ho formelle ny taratasy rehetra Fampianarana momba ny fikarakarana taratasy	Fananana vehivavy mpandraharaha ara-dalana, fananana lamin'asa hampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy	Ny mpitondra isa-tsokajiny	2016	
FIOVAOVAN'NY TOEFOVAN'NY TOETR'ANDRO SY FAMPANDROSOANA MAHARITRA								
Fampahafantarana ny kaominina momba ireo voka-dratsin'ny fiovaovan'ny toe-trandro ary	Mbola tsy nisy fikarohana manokana momba	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy	Misy ny fikarohana manokana	Fanaovana fanadihadina manokana	Mahafantatra ny antony sy ny	DREFT, meteo, kaominina,	Taona iray	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
fandraisana ny fepetra mifanaraka amin'izany	ny fiovaovan'ny toe-trandro ao amin'ny kaominina fa mahafantatra ny fiovan'ny toetrandro sy ny vokadratsiny	fandraisan'ny vehivavy anjara.	momba ny fivan'ny toetr'andro aryhita taratra ao ny miralenta	momba ny fiovan'ny toetr'andro miaraka amin'ny manampahaizana (oh : DREFT)	fiatrikan'ny fiovan'ny toetr'andro ny mponina ao amin'ny kaominina	sefo fokontany		
Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fiarovana ny tontolo iainana	<i>Mandray anjara amin'ny tetikasa hiarovana ny tontolo iainana ny vehivavy</i>	Fampandraisana anjara mitovy ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fandrafetana tetikasa sy ny fanatanterahana izany	Mitombo 20% ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny fikajiana ny tontolo iainanana	Asa fanentanana ny hampitombo ny fandraisana antanana ny vehivavy amin'ny fikajiana ny tontolo iainana	Vehivavy miaro ny tontolo iainana Ho voaro ny tontolo iainana	Ny fikambana m-behivavy rehetra misy ao antoerana sy ny mpiofana rehetra	Tsy voafetra satria momba ny tolntolo iainana	
Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fandrafetana paikady hiarovana ny tontolo iainana	<i>Tsy mbola misy orinasa mandray fepetra entina hiarovana ny tontolo iainana eo amin'ny kaominina</i>	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara.	Manaja ny tontolo iainana ny vahoaka ary mandray anjara mavitirka ny vehivavy amin'ny fikajiana ny tontolo iainana	Fandrafetana paik'ady entina hiarovana ny tontolo iainana (oh: DINA)	Voaro ny tontolo iainana ary voarafitra ny paik'ady entina hiarovana ny tontolo iainana	Vahoaka rehetra, maire, mpiray dina	Tsy voafetra	
Fitsinjovana manokana ny vehivavy rehefa misy vonjy taitra na loza voajanahary	<i>Tsy misy fitsinjovana manokana ny vehivavy mandritry ny loza</i>	Fametrahana fepetra manokana entina hanamaivanana ny andraikitra maro sahanin'ny vehivavy.	80% ny zavatra ilaina amin'ny vonjy taitra rehetra tonga	Fanesorana mialoha ny hazo rehetramety mampiahiahy	Voaro amin'ny loza voajanahary ny vehivavy	Kaominina , sefo fokontany, hopitaly, olobe to-	Isaky ny alohan'ny fahavaratra (alohan'ny	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
	<i>voajanahary</i>		100% any amin'ny vahoaka	Fanentanana ny vahoaka indrindra ny vehivavy hividy mialoha ny entana rehetra izay ilaina (fanafody , labozia, sakafo, rano fisotro madio)	sy nyankohona ny	teny	volana decembre)	
Foto-drafitrasa								
Toeram-ponenana								
Fahazoana antoka fa samy afaka manana toeram-ponenana mifanaraka amin'ny filàny na ny lahy na ny vavy	<i>Maro kokoa ny vehivavy manana trano mihoatra amin'ny lehilahy</i>	Fanangonana sy fandalinana tahirin-kevitra hahafahana mandrefy ny fototra iaingana sy ny tanjona hotratrarina	Mitombo ny lehilahy hanorina trano ho azy	Fanentanana ny lehilahy hanorina trano ara-dalàna	Voantana ny lehilahy hanorina trano	Sefo fokontany, ny rehetra	1 taona	
	<i>Tsy misy pôlitika manokana momba ny fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy kara-tany eo amin'ny kaominina</i>	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara, indrindra momba ny: <ul style="list-style-type: none"> Rano sy lalàna momba ny fananan-tany Fananan-tany (kara-tany, sns) 	Mitombo ny vehivavy manana kara-tany	Fandrafetana paik'ady hanamorana ny fahazahoan'ny vehivavy kara-tany	Voarafitra sy tafapetraka ny paik'ady hanamorana ny fahazahoan'ny vehivavy kara-tany	Kaominina , fokontany, service de domaine sy topographie	2016	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
Fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy trano manara-penitra.	<i>Tsy misy paik'ady eo anivon'ny kaominina momba ny fanatsarana ny toeram-ponenana</i>	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara	Mitombo ny toeram-ponenana tsara ary mitombo is any vehivavy mahazo toeram-ponenenana	Fananganana paik'ady ho entina hanatsarana ny toeram-ponenana, asa fanentanana mba hananan'ny vahoaka toeram-ponenana manaram-penitra	Tafatsangan a ny paik'ady entina hanatsarana ny toeram-ponenana	Kaominina sy ny vahoaka	6 volana manomboka Septembre	
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra								
Fahazoana antoka fa mahazo izay fikarakarana fototra sahaza azy ireo vehivavy	<i>Vitsy ny fotodrafitrasa misy eo amin'ny kaominina. Vovo ihany no misy fa tsy misy paompy na herin'aratra</i>	Pôlitika sy lalàna: fanitsiana ireo lalàna misakana ny tsy fandraisan'ny vehivavy anjara	Mitombo ny fotodrafitr'asa eo antoerana	Fampidirana rano fisotro madio sy herin'aratra	Fisian'ny fotodrafitr'asa eo amin'ny kaominina	ONG, ny fanjakaka, MAHEFA, Ministeran'ny rano, Minisiteran'ny fahasalamana	2016	
	<i>Iza avy ireo olona namolavola izany tetikasa/Fotodrafitrasa izany?</i>							
	<i>Inona avy ireo foto-drafitrasa misy amin'izao fotoana izao?</i>							
Fahasalamana								
Fahazoana antoka fa misy	<i>Iray isa-taona no</i>	Fandrafetana pôlitika,	Mitombo	Fangatahana	Mba	Ministeran'	2016	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
toeram-pitsaboana akaiky eo an-toerana hahafahan'ny vehivavy mahazo fitsaboana mifanaraka amin'ny tokony ho izy.	<i>misy Clinique mobile teo amin'ny kaominina fa matetika misy kosa ny mpitsabo maso mandalo manao fizahana sy fitsaboana faobe</i>	paikady, lalàna mba hahafahana mahazo fitsaboana manarapenitra ary amin'ny vidiny mifanaraka amin'ny fananan'ny olona	mihoatra ny iray isantaona ny Clinique mobile	mba hisian'ny Clinique mobile eo amin'ny kaominina	hiotran'ny indray isantaona ny clinique mobile	ny fahasalamana (DRS, Medecin inspecteur, chef CSB), kaominina		
NY MIRALENTA SY NY VIH/SIDA								
Fisorohana								
Fampahafantarana momba ny fifandraisan'ny VHI/SIDA sy ny Miralenta ary toe-java-misy eo amin'ny kaominina momba io aretina io	<i>Manana tahirin-kevitra momba ny VIH/SIDA ny kaominina fa tsy Miavaka ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin'izany tahirin-kevitra izany</i>	Fanangonana sy fandalinana tahirin-kevitra hahafahana mandrefy ny fototra iaingana sy ny tanjona hotratrarina	Mahafantatra ary misoroka ny VIH/SIDA ny vahoaka	Fanentanana sy fandresendahatra ny vahoaka momba ny fisian'ny VIH/SIDA	Fahafantara n'ny vahoaka momba ny fisian'ny VIH/SIDA	Agents communa utaires, Association, ONG, ny kaominina, chef CSB, cheffokontany, ny mpiofana	6 volana manomboka ny volana septembre, tsy voafetra	
Fanatanterahana hetsika entina hisorohana ny fihanaky ny aretina	<i>Tsy voalaza mandritra ny fanentanana ny fifandraisan'ny Miralenta sy ny VIH/SIDA</i>	Fandrafetana paikady izay mitsinjo manokana ny vehivavy mba hisorohana ny fihanaky ny aretina.	Manana paik'ady mitsinjo manokana ny vehivavy mba hisorohana ny fihanaky ny aretina Mahafantatra ny fiafandraisan'ny miralenta sy ny	Asa fanentanana momba ny fifandraisan'ny miralenta sy ny VIH/SIDA Fandrafetana paikady izay mitsinjo manokana ny vehivavy mba hisorohana ny fihanaky ny	Fahalalan'ny vahoaka ny fifandraisan'ny miralenta sy ny VIH/SIDA	Agents communa utaires, Association, ONG, ny kaominina, chef CSB, cheffokontany, ny mpiofana	6 volana manomboka ny volana septembre, tsy voafetra	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
			VIH/SIDA ny vahoaka	aretina.				
	<i>Voalaza mandritra ny fanentanana ny voka-dratsin'ny fiarahana amin'ny olona maro</i>		Mitombo ny fahalalan'ny vahoaka momba ny voka-dratsin'ny fiarahana amin'ny olona maro	Fantsarana sy fanohozana ny fanentanana izay efa natomboka	Fahafantara n'ny vahoaka ny voka-dratsin'ny fiarahana amin'ny olona maro	Agents communa utaires, Association, ONG, ny kaominina, chef CSB, cheffokontany, ny mpiofana	6 volana manomboka ny volana septembre, tsy voafetra	
	<i>Misy fimailo natokana ho an'ny vehivavy eo antoerana fa saingy mbola tsy miasa ary any amin'ny agent communautaire no ahitana azy ho fampahafantarana fotsiny amin'ny fisiany</i>		Mitombo ny olona mahafantatra ny fisian'ny fy mailo ho an'ny vehivavy	Fampahafantarana ny vahoaka ny fisian'ny fy mailo ho an'ny vehivavy ary ny fanampariahana izany	Fahafantara n'ny vahoaka ny fisian'ny fy mailo ho an'ny vehivavy ary ny	Agents communa utaires, Association, ONG, ny kaominina, chef CSB, cheffokontany, ny mpiofana	6 volana manomboka ny volana septembre, tsy voafetra	
Fampahafantarana momba ny voka-dratsy ateraky fiarahana amin'ny olona maro	<i>Efa nisy hetsika efa nataon'ny kaominina momba ny VIH/SIDA Fa mbola tsy nandray anjara tamin'ny hetsika 16 andro iadiana amin'ny herisetra ny kaominina</i>	Fandaharanasa izay mitsinjo manokana ny vehivavy sy ny ankizy, izay marefo kokoa manoloana ny fihanaky ny aretina	Mankalaza ny hetsika 16 andro iadiana amin'ny herisetra ny kaominina Mitombo is any olona voantana	Fanohizana ny fanentanana mba ho fampafantarana voka-dratsy ateraky fiarahana amin'ny olona maro Fikarakarana	Voentana ny olona eo amin'ny kaominina Fankalazana ny hetsika 16 andro	Ny rehetra tsyakanavaka	Amin'ny andro fankalazana ny hetsika 16 andro	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
				sy fankalazana ny hetsika 16 andro				
Fampahafantarana momba ny mety hahazoana ny tsimokaretina avy amin'ny fanolanana.	<i>Efa nisy fanentanana manokana momba fifandraisan'ny VIH/SIDA herisetra mianjady amin'ny vehivavy niaraka tamin'ny Gender Links fa tsy mbola nisy ny hetsika manokana nataon'ny kaominina</i>	Fampahafantarana ireo ivo-toerana mandray ireo olona niharan'ny herisetra, ny lalàna mifanaraka amin'izany ary ireo toerana mikarakara manokana ireo olona niharan'ny fanolanana	Mitombo ary betsaka ny mahafantatra fa mety azo avy amin'ny fanolanana ny VIH/SIDA	Asa fanentanana ho fampafahatara na ny vokadratsiA eo amin'ny miralenta	Fahafantara n'ny vahoaka fa metyazo amin'ny fanolanana ny VIH/SIDA	Ny mpiofana, chef CSB, ny mpitondra fanjakana	Manombo ka ny volana Juillet	
Fanentanana ireo vehivavy niharan'ny herisetra ara-nofo ny amin'ny tokony hanantona'izy ireo tobim-pahasalamana ary hihinana pilona vonjy taitra	<i>Tsy misy fepetra manokana ho an'ireo vehivavy niharan'ny herisetra ao amin'ny tobim-pahasalamana fa toro hevitra no omena azy dia alefa any Maitinirano</i>	Fisian'ny fepetra manokana ampiharina amin'ireo niharan'ny herisetra ara-nofo mba hiarovana azy ireo amin'ny VIH/SIDA.	Manana tambazotra mikarakara ny vehivavy niharan'ny herisetra ny kaominina	Fananganana tambazotra na komity mandray antanana sy mametraka ny fepetra raisina ho an'ny vehivavy hiaran'ny herisetra	Tsy matahotra na miafina ireo olona niharan'ny fanolanana Fisian'ny tambazotra	Chef CSB, ny komity natsangan a, ONG, agents communa utaires telo volana manombo ka ny Juillet	Telo volana manombo ka ny Juillet	
Fanentanana ny lehilahy sy ny vehivavy mba hanao fitiliana antsitra-po mba hahafahana misoroka ny fihanaky ny aretina	<i>Tsy ananan'ny kaominina ny isan'ireo olona mitondra ny VIH/SIDA</i>	Fanangonana sy fandalinana tahirin-kevitra hahafahana mandrefy ny fototra iaingana sy ny tanjona hotratrarina	Manana tahirin-kevitra ny kaominina Mitombo ny olona manao fitiliana	Fanangonana tahirin-kevitra mba hahafantarana ny isan'ireo olona manao mitondra ny	Fananan'ny kaominina tahirin-kevitra Fisian'ny olona manao	Chef fokontany, mpiasan'ny hopitaly	Alohan'ny 1er Décembre	

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
				otrik'aretina sy ireo izay efa marary ka manaraka fitsaboana Fanentanana ny vahoaka mba hanao fitiliana	fitiliana			
Fitsaboana								
Fijerena akaiky ny zava-misy izay mazàna mametraka ny vehivavy ho farany amin'ireo mahazo fitsabona maimaimpoana raha misy izany.	<i>Maimaimpoana ny fitsaboana ny VIH/SIDA fa saingy alefa any Maintirano fa tsy misy fitsaboana eo amin'ny CSB</i>	Fanangonana sy fandalinana tahirin-kevitra hahafahana mandrefy ny fototra iaingana sy ny tanjona hotratrarina	Manana tahirin-kevitra ny kaominina	Fanangonana tahirin-kevitra mba hahafantarana ireo olona manaraka fitsaboana	Fananan'ny kaominina tahirin-kevitra momba ireo olona manaraka fitsaboana	Ny kaominina, chef CSB, ireo mpiofana	Alohan'ny 1er Décembre	
Fikarakarana marary								
Fahazoana antoka fa voatsinjo manokana ny vehivavy amin'ny fikarakarana ny marary	<i>Firy isan-jaton'ireo mpikarakara marary no vehivavy?</i>	Pôlitika sy fandaharanasa entina hankasitrahana ny asan'ireo mpikarakara marary, izay vehivavy no ankamaroany, fanomezana fiofanana, fanentanana ny lehilahy mba hikarakara ireo marary miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA						
	<i>Mahazo tambin-karama ve ireo mpikarakara marary ireo?</i>							
	<i>Inona avy ny fanampiana ireo mpikarakara marary ireo?</i>							
	<i>Mahazo fiofanana ve izy ireo? Karazam-</i>							

TANJONA FOTOTRA	FOTOTRA IAINGANA	TANJON'NY SADC	Tondro Milaza Vokatra	ASA ATAO	Vokatra Andrasana	TOMPON ANDRAIKITRA	FE-POTOANA	TETIBOLA
	<i>piofanana toy inona?</i>							
	<i>Misy ezaka atao entina hanentanana ny lehilahy handray anjara amin'ny fikarakarana marary ve?</i>							

Fanatan-jahatena – Fivoarana ara-piharahamonina (ara-tsôsialy)

